www.fjkm-ambohitantely.mg



# GAZETY Tantely

*"Ary ny toho-tantely ho mamy eo am-bavanao" (Ohab. 24:13)*

**Laharana faha-86 / 09 February 2020/ 1.000Ar**

## "...Fa nitondra anay ho amin'ny fitahiana mahatretrika Hianao" Salamo 66:12



**« Manamasina azy amin'ny fahamarinana; ny teninao no fahamarinana» (Jao. 17 : 17)**

*« Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsina izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana . » 2Timoty 3 :16*

›2


**EDITORIAL**
**"Fahamendrehana sy fahononan-tena" ›3**
**T.T.K ›3**
**IREO BIRAOM-PIANGONANA ›4**
**IVELANY: HAFATRA ›4**

**KATEKOMENA**
**Andia FITAHIANA ›5**

**FAMBOLEN-KAZO ›6**
**SAMPATI ›6**
**DORKASY ›7**
**SEKOLY ALAHADY ›7**

**SARISARY SAMIHAFA ›8**




GAZETY AVOAKAN'NY F.J.K.M. AMBOHITANTELY

***« Manamasina azy amin'ny fahamarinana; ny teninao no fahamarinana»***
***(Jao. 17 : 17)***

Vavaka fanaovam-beloma ny mpianatra ity Jaona toko faha 17 ity. Vavaka notononin'i Jesoa ho fisaorana an'Andriamanitra noho ny mpianatra sy fitrotroana am-bavaka azy ireo miatrika ny fijoroana vavolombelona. Tsy vavaka ho an'ny Apostoly 12 ihany akory ity vavaka ity, fa vavaka ho an'ny mpianatr'i Jesoa rehetra, izany hoe, vavak'i Jesoa ho an'ny Fiangonana. Ny andininy faha 17 dia mangataka fanamasinana ny Fiangonana amin'ny fahamarinana mba hahafahany miasa eto anivon'izao tontolo izao. Ity andininy ity no tononin'ny Fiangonana FJKM aorian'ny famakiana ny Soratra Masina satria andininy mampifamatotra ny fahamasinana amin'ny Tenin'Andriamanitra. Zavatra roa lehibe àry no tokony ho ao an-tsaina raha manonona ity andininy ity. Ny voalohany, ny maha zava-dehibe ny fahamasinana. Ny faharoa, ny maha zava-dehibe ny Tenin'Andriamanitra.

**1. Ny maha zava-dehibe ny fahamasinana**

Ny teny hoe « fahamasinana » izay matetika fampiasan'ny Soratra Masina, indrindra ny Testamenta Taloha, dia nalaina avy amin'ny mpamaritoetra hoe masina izay nanjary matoateny hoe manamasina. Ny heviny ara-bakiteny dia hoe manavaka na manokana. Ny sary ao an-tsaina dia misy zavatra maromaro ka misy atokana manokana na avahana manokana mba ho ampiasaina. Ny hoe fahamasinana àry, araka izany, dia tsy inona fa ny fanavahan'Andriamanitra ny Fiangonana niala tamin'izao tontolo izao, na dia eto anivon'izao tontolo izao aza. Indroa na intelo miantoana ny lalan'ny fahamasinana. Ny voalohany dia ny fiantsoana izay itakiana fanoloran-tena ; ny faharoa dia ny fanamarinana izay vokatry ny fibebahana ; ary ny fahatelo dia ny fahamasinana vokatry ny fiainam-bavaka. Mba hahafahan'Andriamanitra mampiasa ny Fiangonana sy mampiasa antsika sy mba hahafahantsika mijoro vavolombelona dia nanamasina antsika Andriamanitra. Amin'ny alalan'ny Fanahy Masina no anamasinan'ny Tompo antsika sady Izy rahateo no tombokase maha zanak'Andriamanitra antsika. Tsy afa-miatrika ny fijorona vavolombelona isika raha mbola rakotry ny fahotana sy ny fahalotoan'izao tontolo izao. Koa navelan'Andriamanitra tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tompo ny helotsika ary nohamasininy tamin'ny alalan'ny Fanahiny isika mba ho olom-baovao. Izay no nahatonga an'i Jesoa nangataka tamin'Andriamanitra Ray mba hanamasinana antsika. Izany hoe, nangataka tamin'Andriamanitra mba hanomezany ny Fanahy Masina honina ato anatintsika. Tsy i Jesoa mantsy no manamasina raha amin'ity vavaka ity fa loharanon'ny famelan-keloka sy ny fanadiovana antsika izy, fa ny Fanahy Masina izay omen'Andriamanitra amin'ny alalany no manamasina antsika, ka mahatonga antsika ho vaovao isan'andro. Zava-dehibe ny fanamasinana satria herim-panahy mahatonga antsika ho azon'Andriamanitra ampiasaina, nefa indrindra koa herim-panahy hahafahantsika manohitra ny asan'ilay ratsy. Ny olona nohamasinin'ny Fanahy Masina tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tompo dia tsy azon'ilay ratsy hampangaina. Ny voampanga mantsy dia tsy afaka manao na inona na inona, sady tsy azo ampiasaina.

**2. Ny maha zava-dehibe ny Tenin'Andriamanitra**

Eto dia mifamatotra ny fahamasinana sy ny Tenin'Andriamanitra. Ny Tenin'Andriamanitra no manamasina antsika sy manamarina antsika. Inona no hevitr'izany ? Ny Tenin'Andriamanitra dia teny velona, ka ny fihainoana sy ny fankatoavana azy dia mahatonga fibebahana sy fihavaozam-panahy ary hetaheta ny hanaraka an'i Kristy. Io Tenin'Andriamanitra izay teny velona io, izay ampahatsiahivin'ny Fanahy Masina mandrakariva ao am-pon'ny olona dia manjary fiainana ho azy. Ny Fanahy Masina rehefa ao am-pon'ny olona ka manamasina azy, dia mampahatsiaro azy ny Tenin'Andriamanitra, araka ny tenin'i Jesoa hoe ny Fanahy Masina dia tsy milaza zava-baovao akory fa mampahatsiaro ny zavatra efa nolazain'i Jesoa. Araka izany, ny Fanahy Masina dia tsy Andriamanitra vaovao akory fa Andriamanitra mampahatsiaro ny olona ny Tenin'Andriamanitra izay efa nolazaina hatrany amin'ny Testamenta Taloha ka hatraty amin'ny Testamenta Vaovao. Ny Fanahy Masina dia mamerina ny olona ao amin'ny Soratra Masina hatrany ary ny fahamasinana dia ateraky ny fiainan'ny olona ny Soratra Masina. Mialoha ny hanirahan'i Jesoa ny mpianatra sy ny Fiangonana ho aty amin'izao tontolo izao dia tsy vitan'ny hoe nohamasinina ihany izy fa nomeny azy ihany koa ny Soratra Masina, na ny fampianarana, mba ho mari-dalana hiainany ny fahamasinana. Fanomezana avy amin'Andriamanitra ny Soratra Masina izay mirakitra ny fampianaran'i Kristy ary io no torian'ny Fiangonana sy ampianariny ny mpino amin'ny maha olomboatokana, na olomboantso, na olona navahina raha tsorina amin'ny maha olomasina azy. Vavaka sarobidy àry ity andininy ity satria vavaka mangataka ho antsika mba ho tia ny Soratra Masina, ho tia ny Tenin'Andriamanitra ary hahatsiaro fa ny fahamasinana sy ny fijoroana vavolombelona dia tsy afa-misaraka velively amin'ny Soratra Masina.

**FEHINY**

Ity volana Jolay ity, ny lohahevitra dia ny hoe « sahia mitory fahamarinana ». Eo amin'ity vavaka ity, ny tapany voalohany dia manao hoe « manamasina azy amin'ny fahamarinana ». Azo adika toy izao io andininy io : hamasino amin'ny alalan'ny fahamarinana ny Fiangonanao na koa hamasino ao anatin'ny fahamarinana ny Fiangonanao. Tsy afa-misaraka ihany koa izany amin'ny fahamasinana ny fahamarinana ary tsy ny fahamarinan'olombelona anefa fa ny fahamarinan'Andriamanitra. Ny fahamarinan'Andriamanitra izay miainga amin'ny fitiavana, miainga amin'ny Soratra Masina ary jerena amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tompo. Tokony hijoro ho vavolombelon'ny fahamarinan'Andriamanitra hatrany ny Fiangonana. Ny fahamarinan'Andriamanitra izay midika fa tian'Andriamanitra ho vonjena izao tontolo izao ka nomeny ny Zanany Lahitokana mba hamonjy azy. Fahamarinan'Andriamanitra izay midika koa fa azo atao tsara ny miaina ny Tenin'Andriamanitra amin'ny fiainana isan'andro noho ny amin'i Jesoa sy ny Fanahy Masina. Ary indrindra ny fahamarinan'Andriamanitra izay mitondra fiainana sy manasitrana ny fiarahamonina.

Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra.

Ny Mpitandrina

***"Koa amin'izany sikino ny sainareo, dia mahonona tena, ka antenao tsara ny fahasaoavana izay ho entina ho anareo amin'ny hisehoan'I Jesosy Kristy;" 1Pet 1:13***

Tsy misy maha isika antsika olombelona eto amin'izao fiainana mandala izao, eny ny fahavelomantsika dia nohon'ny famindram-po sy ny fahasoavana avy amin'IZY Tompo. Mazana anefa dia toa adinontsika izay antom-pahavelomantsika izany fa dia sahirana amin'ny fiainana andavanandro ny tsirairay. Maro amintsika koa anefa no efa mahatsapa sy miaina tanteraka eo amin'ny fahasoavana omen'ny Tompoa azy ireo. Anisan'ny fahasoavana omen'ny Tompo antsika ny antso ho amin'ny firaisana latabatra Aminy ka fotoana isian'ny firaisam-po tanteraka Aminy. Tokony izany isika hiezaka hanana fahamendrehana ka hahonon-tena, indrindra hanaiky ny toe-panahy mahay mandanjalanja ny tsara sy ny mety mba hanajantsika ny tena maha zanak'Andriamanitra antsika, izay efa notolorany Fitiavana.

Amin'izany ny tsirairay dia tsara raha mahatsapa ary mino ny fahasoavan'ny Tompo ka hanantanteraka amim-pitiavana sy am-pifaliana ny anatra sy ny didin'Izy Tompo.

Ho an'Andriamanitra irery ny Voninahira.

***RANAIVO RASAHENOLAHY Diakona Fifandraisana***

## VOAN-TSAMPANA

# TOKANTRANO TANORA KRISTIANA

Notanterahina tamin'ny zoma 01 novambra hatramin'ny alahady 03 novambra 2019 lasa teo tao amin'ny AUBERGE EU-FIGUIER ny LASY 2019 an'ny sampana TOKANTRANO TANORA KRISTIANINA. Fotoana iray manokana izay nentin'ny sampana manamafy orina ny fiarahana eo anivon'ny samy mpikambana. Tao anatin'ny fandaharam-potoana ihany koa dia nisy ny ampaham-potoana natokana hialana voly tanteraka, tsy adino koa anefa ny fiofanana ho an'ny mpivady ary indrindra ny fitondrana am-bavaka ny isan-tokantrano. Anisan'ny zava-dehibe voadinika nandritra io LASY 2019 io ihany koa ny vinan'asa ho an'ny taona 2020. Manome fotoana sahady ny mpianakavin'ny finoana ny eo anivon'ny sampana TTK fa ho tanterahana ny faran'ny volana Aogositra 2020 ny lasy manaraka.





## IREO TOMPON'ANDRAIKITRA VOAFIDY ETO AMIN'NY FJKM AMBOHITANTELY

**NY MPITANDRINA** : RAKOTONAVALONA Maholy
**FILOHA MPANAMPY NY BIRAO SADY FILOHAN'NY FIANDRAIKETANA NY LOHOLONA SY NY DIAKONA :**
ANDRIANANJAVAO Herinaivoarisoa
**MPITAN-TSORATRA SADY FILOHAN'NY FIANDRAIKETANA NY FANDRAHARAHANA SY NY MPIASA :**
RAKOTOMAMONJY RAMILISON Lalaina
**MPITAM-BOLA SADY FILOHAN'NY VAOMIERAN'NY VOLA :**
ANDRIAMAZAORO RALISON Eliane
**MPITAN-TSORATRY NY VOLA :**
ANDRIAMISEZA Guy Herizo
**MPANOLON-TSAINA SADY FILOHAN'NY FIANDRAIKETANA NY ASA SOSIALY :**
RAKOTONIRINA Verosoa Faralalaina
**MPANOLON-TSAINA SADY FILOHAN'NY FIANDRAIKETANA NY FANANANA :**
RAMANJATOJAONA Tahiry Narisoa
**FILOHAN'NY FIANDRAIKETANA NY ARA-PANAHY :**
RAOELI-JOHN Haingotiana
**FILOHAN'NY FIANDRAIKETANA NY SAMPANA SY NY SAMPAN'ASA :**
RAJOELINA RASOLDIER Ny Andrianjohary
**FILOHAN'NY FIANDRAIKETANA NY FIFANDRAISANA :**
RANAIVO RASAHENOLAHY Zahza

**Ireo Mpanampy ny Filoham-piandraiketana :**

**FIANDRAIKETANA NY LOHOLONA SY NY DIAKONA :**
RAZAFINDRALAMBO Hery (Loholona)
RABEHASY Holy Arisoa (Diakona)
**FIANDRAIKETANA NY FANDRAHARAHANA SY NY MPIASA :**
RAMBELOSON Christian Laurent
**FIANDRAIKETANA NY ASA SOSIALY :**
ANDRIAMIHASOA Ndriana
**FIANDRAIKETANA NY FANANANA :**
RANAIVO RAVONISON Rivo
**FIANDRAIKETANA NY ARA-PANAHY :**
RANDRIAMASY Sylvie Nirina
**FIANDRAIKETANA NY SAMPANA SY NY SAMPAN'ASA :**
RAVELOMANANA Tsilavina
**FIANDRAIKETANA NY FIFANDRAISANA :**
RAJOHARISON Stéphane



IVELANY

# Hafatry ny Filohan'ny F.J.K.M:

Ry hava-malala ho aminareo anie ny fiadanana.
Misaotra indrindra ny amin'ny fitondrana am-bavaka sy ny fiarahabana nataonareo. Misaotra ny Tompo Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina isika noho ny Krismasy 2019 ary izao taona vaovao 2020 izao. Ny Tompo anie hamaly fitia anareo tamin'izay nataonareo rehetra.
Ny teny firariantsoa izay atolotra antsika diany I Kor 15: 58 manao hoe: "Koa amin'izany, ry rahalahy Malala dia miorena tsara, aza miova ary mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo satria fantatrareo fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin'ny Tompo".
Indreto ny hafatra dimy ho antsika Fiangonana hamakivakiana ity taona vaovao ity :

- Mandehana amin'ny fitiavana. Hoy i Paoly :" Koa amin'izany ry rahalahy Malala", tsarovy ry Havana malala fa mpiraitampo ao amin'i Kristy isika ary aoka ny olona no hifandimby toerana sy andraikitra, fa tsy hifanangana ho fahavalo.
- Miorena amin'ny finoana. Hoy i Paoly:"-Miorena tsara, aza miova", ny fitiavan'I Jesoa tsy miova io no manefy ny fitiavantsika Azy ho fitiavana tsy miova eto anivon'izao tontolo izao miovaova.
- Miasà am-pahazotoana. Hoy i Paoly :"Mahefà be"... Efa tena miasa isika tamin'ny famontosana Filazantsara ny Nosy Madagasikara. Asa tokony ho tratrarintsika tao anatin'ny efa-taona no novitaintsika tao anatin'ny telo taona mahery noho ny fahasoavan'Andriamanitra.
- Mifotora amin'ny asan'ny Tompo. Hoy i Paoly:" Mahefà be amin'ny Asan'ny Tompo"... Ny Asan'ny Tompo sy izay hahafaly Azy no atao fa tsy ny asan'ny devoly. Hoy i Jesoa :"Izay miray amiko ary Izaho aminy dia mamoa be izy".
- Mahatsiarova ny mandrakizay. Hoy i Paoly :"Satria fantatrareo fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin'ny Tompo"... Satria ho avy ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty. Hiditra any amin'ny mandrakizay isika. Eo am-pitsinjovana ny mandrakizay no hiomanantsika hiatrika ny Synoda Lehibe izay kasaina atao any Sambava amin'ny 12 ka hatramin'ny 19 aogositra 2020. Dieny izao ary dia mangataka antsika Fiangonana hivavaka mba hisehoan'ny voninahitr'Andriamanitra amin'izany Synoda Lehibe izany.

Ho an'Andriamanitra irery anie ny voninahitra. Amena.

***Nosintonina avy amin'ny Lahateny nataon'ny Filohan'ny FJKM teny Antsonjombe ny 19 janoary 2020***

# FANDRAISANA KATEKOMENA TAONA 2020

***Andia FITAHIANA*** no anarana hisaloran'ireto Katekomena vaovao ireto.
29 mianadahy izy ireo ka ireto avy izy ireo :

**VEHIVAVY**

1. ANDRIAMANANTENA Fanjanirina Kantoniaina
2. ANDRIANIRINA Lalasoa Melinda
3. RABEZANAHARY Liantsoa Claudia
4. RAJOHNSON Koloina Stéphanie
5. RALANDISON Malalatiana
6. RAMAHAROSON Hanitra Harimalala
7. RANAIVOHARIVONY Arindra
8. RANARISON Mevasoa Mialitiana
9. RAVELOARIMANANA Volana Mirindra Rachelle
10. RAZAFINDRAJERY Jessie Koloina Tiana
11. RAZAKAMIADANA Faneva Miangaly
12. RAHARISON Aro Sanda
13. RAHARISON Liantsoa Rianando
14. RANAIVOHARISON Kantoniaina Ambinintsoa
15. RANAIVOHARISON Koloina Ambinintsoa
16. RANDRIANARIVELO Candy Ikoriantsoa Holitiana
17. RANDRIANARIVELO Mihalitia Ambinintsoa Princia
18. RANDRIANOMENJANAY Miora
19. RAOLOSON Nomena
20. RASOARIVAO Modestine
21. RAZAFINDRATSIRA Hamintsoa Joelle

**LEHILAHY**

1. ANDRIANARIVONY Miranto
2. RAJOHNSON Lovatiana Kevin
3. RANARISON Tsiory Andriantsoa
4. FITAHIAMPANAHY Fiarison Joan Kenny
5. RANAIVOHARISON Hasina
6. RAOLOSON Henika Lucas
7. VONONKANDRESY Daniel
8. RABEMANANTSOA Rojo

Izahay eto amin'ny Gazety Tantely dia maniry anareo mba hahery tokoa amin'ny fanompoana ny Tompo Jesoa.





# FAMBOLEN-KAZO

***«Asan'Andriamanitra ny fambolen-kazo»*** « An'i Jehovah ny tany sy izay rehetra ao aminy… ! ». Izany teny avy amin'ny Mpanao Salamo izany no nentina nanompanana ny fambolen-kazo notanterahin'ny Fiangonana FJKM Ambohitantely teny Ampangabe, ny sabotsy lasa teo.

Nitondran'ny Mpitandrina Maholy Andrianavalona fampianarana tamin'izany fa tsy ny olona ihany no nataon'Andriamanitra fa ny zava-boahary rehetra. Noho izany, izay rehetra eto amin'ny tany dia tokony hiderana Azy.

Fiderana an'Andriamanitra koa, noho izany, ny fikarakarana sy ny fikolokoloana ny tany, ka anisan'izany indrindra ny fambolen-kazo, izay tsy famelana ny tany ho ngazana.

Zava-dehibe, araka izany, ny fikojana ny tany, amin'ny alalan'ny fiarovana azy amin'ny fambolena. Mila tontolo maitso sy mahafinaritra ny zanak'olombelona, satria isika no nataon'Andriamanitra ho Mpanjakan'ny zava-boahary.

Andraikitry ny kristiana ny manao ny asa fikajiana ny tontolo iainana satria olony isika.

« Ary mihatra amin'ny taranaka faramandimby ny fahamarinany ».

Fankalazana an'Andriamanitra tanteraka ny fikarakarana ny tany amin'ny fambolen-kazo satria ny taranaka no handova izany.

**Zanakazo 2.020**

Marihina moa fa zanakazo miisa 2020 no nifandrombonan'ny mpianakavin'ny Fiangonana Ambohitantely nambolena tamin'ity indray mitoraka ity. Velaran-tany 7 Ha kosa no nanatanterahana izany.

Tsy mijanona hatreo anefa ny asa fa misy ny fanaraha-maso hatao amin'ireo zava-boahary voavoly ireo.

Zava-dehibe ihany koa ny mitondra am-bavaka izany satria Andriamanitra ihany no mampisy ny vokatra, araka ny I Kor 3 : 6 hoe : « Izaho namboly, Apolosy nandena, fa Andriamanitra no nampitombo ».

***Harifidy RAMANAMAHEFA***







# SAMPATI:

Nontotosaina ny Sabotsy 8 Febroary 2020 ny fivoriamben'ny Sampati izay nandraisan'ny Ray aman-dreny, ny beazina, ny mpiandraikitra ary ny komitim-pivondronana anjara. Tamin'io fotoana io no nanoloran'ny mpiandraikitra ny fandaharan'ny taom-pitaizana. Ny fotoana tahaka izao no hahafahana manatsara ny fanabeazana sy ny fivondronana. Ilaina izany mba hahafantaran'ireo ray aman-dreny ireo izay miandraikitra ny zanany ary afahan'izy ireo mahalala be be kokoa ny ho hataon'ny zanany mandritra ny taona. Mihezaka hatrany ireo mpiandraikitra ao amin'ny SAMPATI ny manome ny tsara indrindra avy ao aminy hikolokoloina ireo zaza lahy sy zaza vavy mba ho vavolombelon'i Jesoa Kristy sy ho olona vanona eo anivon'ny fiaraha-monina. Misokatra ho an'ise izay maniry hiditra ao amin'ny fikambanana ny varavarana. Isaky ny Sabotsy hariva no misy ny fivoriana ka ao amin'ny Akanin'ny Fiangonana no misy izany. Maro tokoa ireo zavatra tsara azo avy amin'io fikambanana io ka aza misalasala ary.

***Anga Mitozo (Lova Robson)***



# SAMPANA DORKASY

Faly miarahaba an-tsika rehetra nahatratra ny taona 2020 amin'ny anaran'ny Tompo. Ny sampana Dorkasy dia sampana iray lehibe iraisan'ny vehivavy eo anivon'ny foibe FJKM ary anisan'izany ny Dorkasy eto Ambohitantely

Ny dorkasy dia mitory ny filazantsara ary indrindra amin'ny fanaovana asa soa sy socialy eto anivon'ny fitandremana Ambohitantely syany ivelany ohatra amin'izany TOPAZA, FITAIZANA ZAZA KAMBOTY TANGAINA… Mampianatra ireo vehivavy sahirana aram-pivelomana ihany koa ireo vehivavy mpikambana ireo toy ny PROMOFEM izay eo Ambohijatovo Avaratra ny foibeany. Ny Dorkasy Ambohiitantely dia mampianatra soratra masina ao isaky ny Alatsinainy hariva amin'ny 2 ora ka hatramin'ny 3 ora. Ny fampianarana mahandro sakafo kosa dia isaky ny Zoma amin'ny 2 ora ka atramin'ny 3 ora ; marihina fa mandritra ny volana Febroary no anjaran'ny Dorkasy Ambohitantely. Ny asa sosialy iarahana amin'ny « efa trano » dia ny fanampiana raikitra ny IFRP sy ny MAMRE. Tontosa ny Atalata 21/01/20 teo ny fampiarambana taombaovao ny « efa trano » izay natao tao amin'ny FJKM Faravohitra ary natolotra tamin'izanyireo birao vavao ; ny fifampiarabanany Dorkasy teto kosa dia natao ny20/01/20 tao amin'ny ankany ARM niarahana tamin'ny Ramatoa vadin'ny Ray amandreny Mpitandrina. Ny ampiarabana ireo reny sy zoky izay tsy afaka miakatra aty Ambohitantely dia notanterahina ny 04/02/20 ; ho tohizana ny 11/02/20 ny tapany faharoa raha sitrapon'Andriamanitra. Ireto ny fandaharam-potoana ireto dia apetraka ambanin'ny fitahian'ny Tompo : Ny 24 /03/20 : ny fitsangatsanganana eny Ambatomirahavavy Ny Alahady 01/05/20 : ny fiarahana misakafo izay karakarany ny Dorkasy ho fitadiavam-bola entina hanatanterahana ireo asa soa hataony. Eto izahay dia manentana ary miantso anareo vehivavy indrindra fa ny tanora hiditra hanatevin-daharana ireo Dorkasy satria tena mila hery vaovao hentina hentina hampandroso hatrany ny asa. Koa manantena fa hoavy amin'ny fivoriana ianao isakin'ny Atalata hariva amin'ny 2 ora ao amin'ny ankany ARM. Dia mirary soa hoan-tsika rehetra eo ambany fahasoavan'ny Jesoa Kristy Tompo. Ny Dorkasy miasa amin'ny finoana, fitiavana, fifaliana.



# SAMPANA SEKOLY ALAHADY

***« Fa aoka ho mpankato ny Teny ianareo », Jakoba 1/22a***

Izany an-dalan-tsoratra masina, nosafidiananay ho teny faneva amin'ny fankalazana ny faha 135 taona nijoroan'ny Sampana Sekoly Alahady izany ry havana, no entinay miarahaba antsika mianakavy, amin'izao taona vaovao 2020 izao. Manonona ny fiadanan'ny Tompo amin'ny tsirairay avy isam-batan'olona, isan-tokantrano, isaky ny Antoko, isan-tsampana, isaky ny fiandraiketana izahay. Miarahaba manokana ny Ray aman-dreny Mpitandrina Rakotonavalona Maholy mivady. Fisaorana an'Andriamanitra lehibe no atolotray voalohany fa tontosa soaman-tsara ny fankalazana ny Noely 2019 teto amin'ny Fitandremana Ambohitantely. Ny Sampana Sekoly Alahady no namarana ny herinandro sambatra tamin'ny fampisehoana « Hazo krisimasy 2019 », ny faha 25 desambra 2019, tolakandro. Nandray anjara mavitrika avokoa ny fianakaviam-ben'ny Sekoly Alahady : mpianatra hatramin'ny madinika indrindra ka hatramin'ny olon-dehibe sy ireo kilasy Zoma Hariva, mpampianatra, mpandraharaha, eny fa na dia ireo Ray aman-dreny aza, indrindra tamin'ny fanomanana iny fampisehoana iny, izay isaoranay manokana etoana. Niseho hatrany ny voninahitr'Andriamanitra tamin'ny alalan'ireo hira rodobe isan-karazany, tsianjery, dihy, tantara an-tsehatra, tononkalo, mozika, ny ravaka mamirapiratra eraky ny trano sy ny fitafin'ny ankizy isan-karazany, sns… Hita taratra teny amin'ny endriky ny mpandray anjara tsirairay avy ny hafaliana tamin'ny fankalazana iny Noely 2019 iny, hatramin'ny mpanotrona vorilanona nameno fiangonana dia tsy nitsahatra nanome fankaherezana ny ankizy tamin'ny alalan'ny tehaka mirefodrefotra, narahin'ny hiran'ny Anjely sy ny Lakolosin'ny Noely. Tsy hainay ny tsy hisaotra ireo nanohana anay na ny lavitra na ny akaiky, tamin'ny fanatontosana iny fankalazana ny Noely iny, ireo mpitendry mozika, ny nampiakanjo, nanao ny taovolo sy tarehy, ny mpampianatra ny dihy sy ny hira, ny mpikarakara ny sakafo, ireo nandravaka ny fiangonana sy ianareo rehetra nanontrona anay tsy an-kanavaka. Etoana dia efa manome fotoana antsika mianakavy sahady izahay Sampana Sekoly Alahady hiarahan-kalaza ny ivon'ny Jobily aminay ny volana Jona 2020.

Manome fotoana anareo izahay amin'ny 16 febroary 2020 amin'ny 2 ora sy sasany hanotrona anay amin'ny Krisimasy ny faritra Avaratra Andohalo izay ny Fitandremana Ambohitantely no mampianatrano. Mampahatsiahy koa ny Mpampianatra sy Mpandraharaha rehetra hiomana sahady amin'ny fisindana voalohany hatrehintsika miaraka amin'ny Ray aman-dreny Mpitandrina ny 21 sy 22 febroary ho avy izao etsy Ambohimangakely.

Mankasitra Tompoko Liva Robson Filoha Mpanampy Sampana Sekoly Alahady





Sampana Sekoly Alahady



Fandraisan-tanana ireo Zokiolona 70-80 taona

## FAMBOLEN-KAZO 01 FEBROARY 2020



Fotoam-pivavahana fanombohana



SAMPATI mamboly ...



Mpamboly hazo



Mpamboly vilany